# Polytechnique Vontovorona

## Sahirana ny fanjakana amin'ny famahana ny olan'ny mpianatra 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 28 febroary 2019 Laharana 880 Vidiny : 400 Ar


**Fahasalamana** 5

**Feno hipoka ny Hopitalin'ny ankizy Tsaralalana**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Mpanohana an-dRajoelina** 2

# Maro no voakasiky ny resaka andramena



**3 volana aty aoriana** 3

# Tsy tonga ny vary mora efa teny ambony sambo



**GROUPE AXIAN , FONDATION TELMA** 7

## Nanome fanampiana ireo traboina may trano teny Anosibe Andrefana II



**Mpandrahara madinika** 2

## Nisy namono tamin'ny fomba feno habibiana

**Fiainam-pirenena** 2

## Potika tamin'ny fitondrana tetezamita ny soa toavina Malagasy

**Very fihinanana ny polisy sasany** 5

## Naato ny fanaovan'ny polisim-pirenena PR

**Daka kely**

Lany lainga sahady ve ry Boaikely no toa mangina nareo a !

**Zava-kanto sy mozika** 6

## Fampisehoana « Telopolo taona in-3 »



RAHARAHA ANDRAMENA

## Maro amin'ny mpanohana an-dRajoelina no voakasika



Araka ny fanadihadiana natao, sy ny vaovao voaray dia maro amin'ireo mpanohana ny filoha Andry Rajoelina no voakasika amin'ny resaka raharaha andramena na bois de rose. Arak'izany, raha tena hatao tokoa ny fanenjehana ary tsy misy hatao tombo sy hala amin'izany fanenjehana ireo mpanao trafikan'andramena izany dia tokony tsy maintsy ho fantatra ny olona nahazo vola tamin'ny raharaha andramena tany Singapour ireny, avy amin' ny alalan'ny SAMIFIN, na ny sampan-draharaha miady amin'ny famotsiambola, raha tena manao ny asany tokoa ny SAMIFIN ary tsy voatsindrin'ny mpitondra ambony. Arak'izay fanadihadiana izay, sy ny feo mandeha dia maro amin' ireo olona akaiky ny filoha Andry Rajoelina amin'izao, sy ireo nanohana azy no voakasik'ity raharaha ity, ary fantatra fa volabe no nampiasaina tao. Nisy ny mpanelanelana nanao ny varotra ka nahitana fandrotsaham-bola mitentina 15 tapitrisa dolara Amderikana avy tamin' ny banky iray avy any ivelany. Aiza ho aiza ny SAMIFIN sa ho voabaiko koa ve, avoaho ny marina fa aza hasiana kinamanamana raha tena atao marina ny ady amin' ny famotsiambola sy ny kolikoly? Efa nambara teto fa ady amin'ny samy Mafia ity resaka andramena ity, ka hihafara amin'ny fifamo noan'izy ireo izany matetika.

***Ny Valosoa***

Tsy fandriampahalemana

## Mpandraharaha madinika nisy namono tamin'ny fomba feno habibiana

Gina tanteraka ny vahoaka tao amin'ny fokontany Ambalakida Miandrivazo faritra Menabe omaly maraina raha nahita ny fatin'ity mpandraharaha iray novonoin' olona tany an-tsaha. Ny harivan'ny 25 febroary tokony ho tamin' ny 6 ora hariva hoy ny fitantaran'ny vadin' ny maty dia nisy olona naka azy tao an-trano , olona mifankahafantara tsara aminy satria mpividy vokatra no asa iveloman-dratompokolahy fony fahavelony, arakaraky ny vokatra misy amin'ny fotoana fahavokarany "sous collecteur". Tonga ity ranamany iray milaza fa hivarotra lila (ampombo ) aminy ary handeha hijery io lila io izy ireo fa ho lanjaina ny maraina, kinanjo tsy niverina intsony izy ny alina, hoy hatrany ny fitantaran'ny vadiny. Akory ny hatairana raha naheno tamin' ny tantsaha mpaka anana vao maraina nahita ny razana mihosin-drà ao ambaiboho. Fira fibara"antsibe" tamin' ny hatoka sy tamin'ny tarehiny no hita ratra teny aminy, manamarika izany ihany koa ny tataka tamin' ilay satroka nanaovany . Tonga nijery nanadihady izao fahavoazana izao ny solontenam-panjakana any antoerana nahitana ny ben'ny tanàna sy ny lehiben'ny boriboritany ao amin'ny kaominina Ankotrofotsy Miandrivazo. Mbola mitohy ny fanadihadiana.



*Ilay mpandraharaha madinika nisy namono.*

***Serge***

Fifidianana depiote

## Matahotra ny mpomba ny fitondrana

Vao nanambara ny teo anivon'ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana na ny Ceni, momba ny hoe tsy mahazo milatsaka ho kandida izay tsy natolotry ny antoko pôlitika, na mirotsaka amin'ny anaran'ny tenany, dia matahotra ny mpomba ny fitondrana ivondronan' ireo avy amin'ny Armada, ny Tgv Mapar, ny Mmm, ny Hiaraka isika, ny Avana, ny antoko Maitso, ireo fikambanana samihafa nanohana an'i Andry Rajoelina tamin'ny fifidianana, satria sao tsy hahazo solombavambahoaka izy ireo noho ny tanjaky ny vondrona Tim.K25, manohana ny kandida solombavambahoaka natolotr'izy ireo. Tsy ny mpomba ny fitondrana ihany moa, fa na ny Hvm ihany koa aza dia tsy maintsy nanangana vondrona atao hoe Vtt na Vondrona Tia Tanindrazana satria mbola tahotra ihany koa sao tsy hahazo solombavambahoaka eto. Ny vahoaka mpifidy no hitsara izay tiany sy mety aminy, indrindra fa ireo efa fantatra fa hitondra fampandrosoana ifotony eto amintsika. Tsiahivina fa ny 27 mey 2019 ho avy izao no hanatanterahana ny fifidianana solombavambahoaka eto Madagasikatra amin'ity taona ity.

***Rajo***

Fiainam-pirenena

## Potika tamin'ny fitondrana tetezamita ny soa toavina Malagasy

Taorian'ny fanonganampanjakana nataon'i Andry Rajoelina sy ny forongony teto Madagasikara ny taona 2009, ka nahapotika fananan'olona sy fananam-panjakana sy very asa an'hetsiny, dia nanomboka rava ny soatoavina malagasy satria nampianarina nandroba ny gasy. Tsy vitan' ny hoe nandroba fotsiny, fa naka ny tsy an'ny tena ary tsy namerina intsony. Nanomboka teo dia nanao didin'ny besandry ny sasany ary maka tsy miera izay miendrika fandrobana fananan'olona fotsiny izao. Tsy misy intsony ny tahotra sy henatra fa dia fananan' olona no norobaina sy nangalarina ary tsy nasiana fisainana kely akory. Tsy ireo zokinjokiny tamin'izany ihany, fa hatramin'ny ankizy ankehitriny dia tsy mahafantatra intsony izany hoe soatoavina izany fa samy mandeha samy mitady fotsiny izao. Rava hatramin'ny fiaraha-monina sy ny fianakaviana mihitsy aza. Anisan'ny nisongadina io nandritry ny adihevitra narahana fifanakalozan-kevitra notarihan'ny Cfm omaly teny amin'ny Arrupe Faravohitra ary ezahina aparitaka sy ampahafantarina any amin'ny faritra samihafa. Tafiditra ao anatin'zany soatoavina izany ny fanganana sy ny fanarenana indray ny repoblika vaovao, ka ny soatoavina malagasy no voalohan-daharana amin' izany, raha te-hanangana firenena vanona.

***Rajo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy mbola misy mangirana aloha hatreto ny sosialimbahoaka

Tamin'ity volana faharoa mifarana amin'ity andro ity dia miseho manezaka amin'ny toe-javatra mitoetra ho olana mahakasika ny fiainam-bahoaka andavanandro ny fitondrana. Anisan'izany ny tsy fandriampahalemana sy ny olana amin'ny herin' aratra sy ny fahatapahan-jiro lava, izay nanakianana be dia be ny fitondrana teo aloha. Nilaza ny eritreriny amin'izay ho fampitomboana ny famokarana herin'aratra sy tonga hatramin'ny hoe fikasana hampihena ny vidin-jiro ny tompon'andraikitra tamin'ny fotoana nidinany ifotony. Tsy voaresaka kosa nandritra ny fifampiresahana ny amin'ny fanonerana ny mpanjifa amin'ny ankamely tampoka ataon'ny Jirama izay miteraka fahasimban-javatra isan-tokantrano na any amin' ny toeram-piasana. Aman-taonany no efa lasibatr'izany ny mpanjifa ary be izay fatiantoka nahazo azy izay, fa tsy mbola nasian'ny mpitondra resaka mandraka ankehitriny. Na dia eo aza izany aloha hatreto dia mbola tsy afaka ny olan'ny vahoaka. Ny fotoana hivahan'izany ihany koa mbola any an-kibon'ny omby, ka tsy tokony hanantena ny maro fa efa be loatra izay resaka nataon'ny fitondrana nandiso fanantenana izay. Nisy izany tamin'ny andron'ny tetezamita izay nampanantenana ny amin'ny trano mora sy ny varo-mora hidina hatrany amin'ny 500 Ar sy ny menaka mora, sns... Hay ny menaka sy ny varin'ny Tiko tamin'izany no nataondry zalahy vary sy menaka mora. Ny toky fitaka fa ny atao no hita, ary ny tranom-pody no vitan'ny vava, ka andrasana ny fivahan'ny olambahoaka indrindra ny fahantrany. Tsy hisy fiantraikany any amin'ny vilanin'ny isan-tokantrano ny fanenjehana ireo lazaina ho trondro vaventy amin'ny raharahana trafika samihafa izay atao vely vilany ny fampitana azy amin'ny fitaovan-tserasera samihafa, indrindra ny an'ny miara-dia sy manohana fitondrana. Tsy lavina, ilain'ny vahoaka izany kanefa tsy izany no laharam-pahamehana aminy. Ny ilainy maika dia ny sakafony ara-pahasalamana, ny fahasalamany, ny fitafiany, ny fianaran-janany, ny kitapom-bolany, ny fitoniana sy fandriampahalemany, na izy ao an-trano sy an-tanànany na eny an-dalana, na eny amin'ny toeram-piasany samihafa rehetra eny, sns... Iray volana sy tapany mahery izany rehetra izany aloha mbola tsy misy tokontaniny na hita mangirana ao anatin'izao fitondrana Rajoelina izao.

***Sôh'son***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Miandry R**

## Ny Valosoa sy hadihady

# 3 volana aty aoriana : tsy mbola tonga ny vary mora efa teny ambony sambo

Mbola difotra ao anaty fahantrana sy fahasahiranana aloha hatramin'ny androany ny vahoaka Malagasy. Efa nisy ihany ireo nahazo ny anjarany amin'ny trano maimaimpoana kanefa ampahany kely ihany izany raha miohatra amin'ny habetsahan'ny tsy manan-kialofana sy miaina ao anaty trano plastika sy ny monina eny ambany tonelina sy eny am-pototry ny daban-jaoridira. Na nahazo trano aza anefa ireny dia mbola mitsindroka zaoridira sy mitady tavoahangy sy fatim-by mba hamidy ahazoam-bola ividianana izay haninkohanina rahampitso. Manamaro isa azy ireny koa ny traboina, tsy eto an-drenivohitra ihany fa hatrany amin'ny faritra, indrindra any amin'ny ilany andrefan'ny Nosy. Mitokona ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony noho ny haratsian'ny trano fonenan'izy ireo kanefa dia tsindriana tsy haneho izany izy ireo ka nandefasana herim-pamoretana sy naparitaka tamin'ny baomba mandatsa-dranomaso ary nisy nosamborina mihitsy. Raha ny zava-misy iainana dia tsy mbola misy mangirana aloha ny faravodilanitra fa maizina tanteraka satria ny vary nolazaina fa efa teny an-tsambo tsy tonga telo volana aty aoriana. Na izany na tsy izany dia heverina fa tsy hahavaha ny olana ara-tsakafo mianjady amin'ny vahoaka izany na ho dimanjato ariary indray aza ny ho vidin'ny iray kilao. Efa miasa saina amin'ny resaka sakafo ny vahoaka kanefa manampy trotraka izany ny tsy fandriampahalemana, ka ireo mba afaka mihinana kely dia mandry an-driran'antsy noho ny fanafihana mitam-piadiana na ny fanendahana. Tsy tonga ny vary mora hatreto, ny varin'ny Tiko horobaina toy ny tamin'ny taona 2009 koa tsy misy intsony, koa dia miahaka aloha i Andry Rajoelina sy ny ekipany amin'ny fanatanterahana ilay vary mora nampanantenain'izy ireo. Ankoatra izany , marina fa manao izay azony atao ny mpitandro ny filaminana amin'izao fotoana izao ary ahitam-bokatra izany satria efa misy ny voasambotra amin'ireo olondratsy sy ny fitaovam-piadiana azo, ka hinoana fa tsy hitarazoka ny fanadihadihana hamongorana hatramin'ny fakany ny tambazotra sy ny atidoha mikotrika ny asa ratsy rehetra eto amin'ny Firenena. Iaraha-mahalala ihany koa fa anisan'ny singa miteraka ny tsy fandriampahalemana ihany koa ny haizina ateraky ny fahatapahan-jiro. Efa misy ny fifampiraharahana amin'ireo orinasa mpitsinjara solika ho an'ny Jirama izay dingana iray mety hahavaha ny olana. Etsy an-kilany koa dia efa misaina ny angôvo azo havaozina ny fitondrana kanefa tsy mandroso fe-potoana mazava sy ny fahavononana ara-bola entina manana tanteraka izany ny tomponandraikitra. Maro koa ny renirano eto amin'ny Firenena izay azo hanorenana tohadrano hamokarana angôvo (barrage hydroélectrique) kanefa mila vola tsy toko tsy forohana ny fanatanterahana izany ary ny fitondrana rahateo mihambo fa tsy ilaina ny mindram-bola avy any ivelany satria manana ka mety Madagasikara no hampindrana ny ao amin'ny nosy Comores atsy ho atsy. Iaraha-mahita fa misy vondron'olona sy mpandraharaha manambara fa mifanaraka tsara amin'ny tetikasampampandrosoan'izy ireo ny vina IEM, ka vonona izy ireny hiaraka hiasa sy hifanolo-tànana amin'izao fitondrana izao. Arak'izany dia iza sy firy amin'ireo vina (laharam-pamehana) teloambinifolon'ny filohan'ny Repoblika IV no azon'izy ireo handraisana anjara mavitrika hanatrarana ny tanjona ao anatin'ny fotoana fohy ? Tsy azo iainana intsony ny fitohanana eo amin'ny fifamoivoizana eto an-drenivohitra ka efa miandrandra ny làlana migodana sy mihantona toy ireo misy any ivelany ny mpampiasa làlana kanefa mbola lavitra ny dimy taona, ka tsara raha hampiasaina amin'ny fanamboarana ireo feno lavaka sy mihotsaka ny tahirim-bola natokana ho amin'izany (Fonds d'entretien routier), izay tsy misy mangaraharaha ny nampiasana azy hatramin'izao. Araka izany, ny rota tokony hasiam-panamboarana na hatsaraina aza tsy vita ka marina ilay fitenenana hoe : ny an-tratra tsy lavo ka halao koa rainilahibe.

***Andry Tsiavalona***

**FIFIDIANANA DEPIOTE**

# Mbola vitsy ireo nandrotsaka ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiany



Nanomboka ny talata teo ny fametrahana ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiana, ho an' ireo rehetra liana hirotsaka amin'ny fifidianana depiote ny 27 mey ho avy izao. Raha ny hita teny amin'ny OVEC, na ny sampan-draharaha miandraikitra ny fandraisana ireo dosie, mbola vitsy aloha ireo kandidà depiote nametraka ny firotsahan-kofidiany. Raha ny tena marina anefa, tokony ho maro no hametraka izany dosie izany satria misy distrika miisa 119 i Madagasikara, misy antoko politika anjatony eto amintsika, ny tanjon'ny antoko politika dia ny hahazo fahefana toy ny fahazoana depiote. Koa heverina fa tokony ho an-jatony maro, na an'arivony mihitsy aza ireo kandidà tokony hirotsaka amin'izao fifidianana izao. Maro no mety ho anton'izany, ao aloha ilay antom-bola 25 tapitrisa Ar, izay somary bebe ihany. Eo koa ilay fahazarantsika Malagasy, farany vao mirodorodo. Eo koa ireo miandry hoe, ho voaray amin' ny antoko lehibe ihany ve izy ireo, raha sanatria tsy voaray dia hirotsaka amin'ny fikambanana n any antokoç politika hafa.

***Isambilo***

Vontovorona

# Sahirana ny fanjakana amin'ny famahana ny olan'ny mpianatra

Mbola tantara mitohy ny grevin'ny mpianatra eny amin'ny sekoly « polytechnique » Vontovorona ankehitriny, taorian'ireo mpianatra voasambotra sy naratra teny Vontovorona ny talata lasa teo. Noho ny tsy fijeren'ny fanjakana ny momba azy ireo no fototry ny hetsika toy ny foto-drafitr'asa efa simba sy potika ka mila fanamboarana satria mijaly ireo mpianatra. Anisan'izany ny fahanteran' ny efitrano fianarana tsy mifanaraka amin'ny isan' ny mpianatra sy ny faharatsian'ny toeram-pidiovana, sns… Teo ihany koa ny fiakaran'ny hofantrano efa tamin'ny taondasa ho 18000 ariary, ka tsy zakan'izy ireo. Nanambara ireto mpianatra ireto fa tsy hita izay fanapahan-kevitry ny fanjakana momba azy ireo, ka voatery niroso tamin' ny hetsika ireto mpianatra ireto. Mbola misedra olana ny fitondrana noho ny tsy fahampian'ny vola enti-mamita ny hetahetan'izy ireo hatramin' izao. Andrasana arak'izany ny tohin'ny raharaha satria samy mbola tsy ahitam-baliny aloha na ny fanjakana amin'ny firosoana amin'ny fanatsarana sy famahana ny olana, na ny mpianatra miandry ny fanapahankevitra sy ny tohin'ny hetsika manaraka.

***Rajo***

Farafangana

# Nitokona ny mpitarika posy

Naneho ny tsy fankasitrahany ireo mpitarika posy rehetra any Farafangana nohon' ny fangatahan' izy ireo, izay hampihenana ny vola aloa any amin'ny kaominina ambonivohitr'i Farafangana, mahakasika ny fahazoana badge aorian' ny fiofanana, ho entin' izy ireo miasa. Fampihenana ho 1000 Ar hatramin'ny 2000 Ar no takin' izy ireo raha 10 000 Ar no tokony haloa. Nisy ny fivoriana tampoka nifanatonana tao amin'ny efitranon' ny kaominina any Farafangana, andaniny ny ben' ny tanàna sy ny lefiny ary ny solontenan' ny Polisim-pirenena, ankilany kosa ny solontena 30 avy amin'ireo mpitarika posy miampy ny tompona posy miisa 2. Raikitra ny ady hevitra hidirana amin'ny marimaritra iraisana, ka araky ny volavolan- kevitra izay mbola ho entin' ireo solontena nanatrika ny fivoriana any amin'ny namany dia fantatra fa miisa 523 ny posiposy any Farafangana amin'izao fotoana izao , nahena ho 5000 Ar ny vola aloa ao amin'ny kaominina ambonivohitr'i Fararangana. Nisy ihany koa tompona posy 1 izay handray an-tanana ny fakana sary azy ireo , anjaran' ny mpitarika posiposy kosa ny mampanasa ny sary, mba ho fandraisan' ity tompona posy ity anjara. Ny herinandro ho avy izao, hisy andro iray hiverenan' izy ireo hihaona indray, ary hisy ihany koa andro iray hihaonan' ny kaominina any Farafangana amin'ireo tompona posiposy.

***Serge***



## TONONKALO

### FANADIOVANA HOE RY MPITONDRA ?

Milaza ianareo fa manao fanadiovana.
(Izany dia hevitra soa hotohanana !)
Kanjo hay ny ratsy no mbola arovana,
Fa ny hagegena tsy mety mifarana ?

Ambonin`ny fako sy loto miavosa
No kendrikendrena hanorenana fototra ?
Sao lahy dia hevitry ny olon-kanosa
Izay zatra ny lainga efa marivo tototra ?

Alàna ny fako dia loto no averina.
(Ny olona ratsy no mbola itserana ?)
Dia aza gaga raha ny tandalerina
No hany mijoro sy mameno toerana.

...Izay fanadiovana , ho aim-bery maina
Raha "resaka akama" no tena mibahana.
Ny olona "mendrika" re mba tsongaina !
Farano ny lainga sy ny famitahana.

***SEDERA RAVALISON (27-02-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny fanadiovana teny amin'ny tsenan'Analamahitsy.





Olon-tsotra namefy ny zaridainan'Ankorondrano.





**AMBOHITRANDRIAMANITRA MANJAKANDRIANA**

# Nisy ny fanamafisana ny fahaiza-manaon' ny mpitantana amin'ny ady amin'ny kolikoly

Mitohy tsy tapaka ny asa aman-draharaha eo anivon'ny Antenimierandoholona amin'izao vanimpotoana manelanelana ny fivorian'ny Antenimiera izao, ary tafiditra indrindra amin'ireo andraikitry izany Andrimpanjakana izany araka ny voasoratra ao amin' ny andininy faha-81 amin' ny Lalampanorenana ny fisoloantena ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana sy ireo vondrom-draharaha aratoekarena ary ara-tsosialy. Nisy araka izany ny atrik'asa niompana indrindra tamin'ny fitondran-draharaha tsara tantana sy ny ady amin' ny kolikoly, izay notanterahina tany amin'ny Kaominina Ambohitrandriamanitra distrikan'i Manjakandriana, niarahan'ny Kaominina sy ny mambran'ny kabinetran'ny Loholona Mourad ABDIRASSOUL. Araka ny nambaran'ny mpitahiry volan'ny kaominina RANDRIAMANANJARA dia Fanamafisana sy fampahafantarana ny atao hoe « Kolikoly » mialohan'ny iadiana amin'izany ary fametrahana ny fomba fiasa manara-penitra no nifantohan'ny dinika . Zava-dehibe ny fanamafisana sy fampiharana ny mangarahara ary ny fametrahana ny fomba fiasa manara-penitra na « standard de service ». Nahafa-po tanteraka ireo mpiofana nanatrika ny dinika natao. Ary fanohitra lehibe ho an'ny fampandrosoana ny kaominina ny fahafantarana ny atao hoe kolikoly sy ny ady amin'izany ary ny paikady natolotra. Araka ny nifanarahana tamin' ireo kaominina ao anatin'ny distrikan'i Manjakandriana , dia notohizana ny fanamafisana ny fahaiza-manao (renforcement de capacité) tao amin'ny kaominin' Ambohitrandriamanitra,izay kaominina faha- 24 amin' ireo kaominina 25 ao anatin'ny distrikan'i Manjakandriana efa notsidihana sy nanaovana izao atrik'asa izao.

*Isambilo*

## Sakafo Ny Valosoa



**Boulettes de flageolets na koa catless tsaramaso lena sy totokena** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo soloina tsaramaso maina ihany koa anefa ny tsaramaso lena amin'io boulettes io. Tsara raha hasiana ron'anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fitsaboana haingana ny sery

Fitsaboana haingana ny sery indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Fanaova- na azy:

1)-1vera rano mafana ;

-2 sotro lehibe fihinana jus de citron;

-1 sotro fihinana tantely;

Afangaro tsara ary sotroina amin'ny fotoana hitiavanao azy ary rehefa vita izay dia sasana amin'ny ranomafana ny loha . Avereno alohan'ny hatory ny misotro ilay fanafody;

2)Ny kohaka indray dia maka jus d'oignon sy tantely. Totoina na kikisana ilay tongolo, ka atao izay hahazoana ny ranony eo amin'ny 2 sotro fihinana eo + tantely 1 sotro dia afangaro sady manala ilay mangidihidy amin'ny tenda.

Averina ny hariva io mandritran'ny 2 andro.

3)Raha allergie indray ianao:

Tongolobe 2 lehibe;

Rano nampangatsiahina 1,5 l;

Tetehana boribory ilay tongolo ka arotsaka ao ary avela hilona ao ny tontolo alina ary iny no atao rano fisotro tontolo andro.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Vavatenina any amin'ny faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Vavatenina any amin'ny faritra Analanjirofo indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin' ny gazetinao androany. 123 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina, satria faritra tsy amorondranomasina izy. 130 km no halavirany miohatra amin'i Toamasina. Izy no renivohitry ny distrikan'i Vavatenina. Renirano roa no mamakivaky ity kaominina ity dia Savatoigna sy Ranomahitigna. Vokatra any ny jirofo, mahavoka-bary koa izy, eo koa ireo voankazo isan-karazany, anisan'izany ny letchis. Mampalaza an'i Vavatenina eo amin'ny sehatry ny kolontsaina ny hetsika festival Jerijery, atao isan-taona any hatramin'ny taona 2001 isaky ny fetin'ny Olomasina.



## NY TENY FIAINANA

*Aza manandra-tena eo anatrehan'ny mpanjaka, ary aza mitoetra eo amin'ny fitoeran'ny lehibe.*

***Ohabolana 25:6***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Naato ny fanaovan'ny polisim-pirenena PR, very fihinanana ny polisy sasany



**Zanak'i Gasikara Ofisialy :** tsy manaiky ny fanafoanana ny police routière (PR) ny sendikan'ny polisim-pirenena. Raha ara-dalàna hoy izy ireo ny taratasin'ny fiara sy ny mombamomba izany dia tsy tokony hisy ny fandoavana vola ary ireo mpamily no manome fakam-panahy ny polisy. Na izany na tsy izany, ho very fihinanana ny polisy sasany momba izany fanapahan-kevitra izany.

**Richard Rambinintsoa :** manotra sy mampatahotra taxi bé sy taxi sy auto plaisirs fotsiny no ataony, ohatra omeko eo Shell Ambilanibe Anosibe, manotra fotsiny aleo tsy misy fa alefaso hanenjika dahalo o! Aleo hataon'ny polisy monisipaly izany asa izany.

**Jenny Rakotozafy :** ny gendarme foanana raha izany!

**Tolotry Ny Avo Andriamahefa :** MAFY NY VERY KAPOAKA.

**Fefe Rahajaniaina :** vely sifflet. Hihihiiiii !

**Herwine Andriamisa :** tsy aleo ve mba mihena kely ny kandra sy fanenjehana nareo tsy misy farany ty e ! Sa mihena ndray ny miditra ampaosy ? Tsy adala akory ny fanjakana nandray iny fanapahankevitra iny, mila fanovana ny malagasy ary samy miezaka isika miala amin'ny fomba ratsy fanao mahazatra. rehefa izany dia izany, mety hisy tsirim-pandrosoana tokoa rehefa voahaja ny fitsipika, gaboraraka loatra ny zava-misy eto hatramin'ny fanonganam-panjakana natao'i Andry Rajoelina tamin'ny 2009.

**Frédérico Rakotomanga :** kobokoboin'ny marina : "Raha ara-dalàna ny taratasin'ny fiara sy ny mombamomba izany dia tsy tokony hisy fandoavana vola" izany hoe rehefa tsy ara-dalàna dia mandoa-vola !, tena nohamarinin' ny sendika izany ny fisian'ny kolikoly !

**Maherisoa Lina :** marina kosa ny azy ko ! Rehefa ara-dalàna ny papier dia tsy tokony ho voasazy izany ny mpamily na tompona fiara ! Ilay tsolotra no tokony hatao izay hahafoana azy fa tsy ny fisavana papier izany ! Sa ve hatao gaboraraka indray ny fitaterana de ho maro ny loza hitranga sanatriavina izany.

**Narindra Rakotondrazafy :** very kapoaka d mitabataba, misy ny taxi-be miteny izao fa aleon'izy ireo ny police municipale no manao izany asa fisavana papier izany.

**Mahery Lanto Manandafy :** unité spéciale anti- dahalo dia mbola mitomany hanao PR foana, mila hampitomboina ny mpanenjika dahalo sy jiolahy.

**Tita Ramanandraibe :** ka efa izay kosa ny 1ère engagement an-drilerony rehefa hanao io carrière io ko! kkkkkk.

**Mahery Lanto Manandafy :** tonga dia mitango anle vorotsilo beu fotsiny !

**Aza Mikiry Ny Hamantatra :** tena tsy mahalala menatra ve ry rasefo ireto e!aleo homena ny police municipale ny fanaovana izany fisavana taratasy fiarakodia izany.

**Boudy Souly :** efa zatra mihinambola baka!

**Olivier Rakotoarimanana :** ka tapaka kosa ny kapoaka ko!

**Lova Rakotonirina :** Andriamantra ô, misy tsy menatra mihitsy ireto polisy ireto raha izao.

**Jah Rakotondratsimba :** very kapoaka ry rasefo sasany, aoka kosa aloha hazava fa tsy ny polisy rehetra no mpanotra a !

**Dera Tiana :** fa zao kosa aloha a, inona no fanalavana ny atao hoe PR ary e,tsy avy dia fankahalana fa tokony jerena hoe inona no olana sy fototr'olana,ary mazana ny mpamily koa efa manomana lay regime nge e !

**RazzaAn Andria :** ilaina ny PR, mila mesure henjana be anefa ny tsolotra.

**Kona Ratsirahonana :** roaho e, polisy ane ny sasany ka diple Cepe, tsy zarany ary mba mandray2 karama io.

**Lalah Yvett's :** ity polisy ity tena loza rah resaka kolikoly aty F arafangana, manao antso@ minisitry ny filaminambahoaka, kolikoly avo lenta ny azy.

**Yvon Namelankafatra Rakoto :** soloina na esorina ny Mpanotra! Ny fisavàna taratasy sy fiara kosa aloha dia an'ny Police Nationale mihitsy e, tokony hanampy azy ireo ny Police Municipale.

BORIBORITANY FAHA-3 SY FAHA-5 (CUA)

# Nanadio ny lakandrano Andrianampoinimerina mirefy 1,300 km eo



*Ny fanadiovana ny lakandrano Andrianampoinimerina.*

Mitohy hatrany ny asa fanadiovanana tanterahin'ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo noho ny tondra-drano nifanesy, ary indrindra amin'izao fotoam-pahavaratra izao. Teny amin'ny Canal Andrianampoinimerina mirefy 1,300 km ao amin'ny Boriboritany faha-3 sy faha-5, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) no nanatanterahana izany fanadiovana lakandrano izany, nanomboka afak'omaly. Niara-nisalahy nanatanteraka izany avokoa ireo ekipa teknika sy "agent d'assainissement" avy eo anivon'ny Boriboritany, ny Equipe Spécialisée d'Assainissement (ESA) eny Antsakaviro, ny Rf2 (Rafitra Fahadiovana sy Fidiovana), ny mpivarotra, ny Cua ny boriboritany faha 3 sy faha-5, ny Dtp na ny asa vaventin'ny CUA. Ny tanjona amin'izao fanadiovana lakandrano izao dia ny hikorianan' ny rano ara-dalàna sy ny hisorohana ny fiakaran' ny rano amin'ny faritra iva rehefa avy ny orana, toy ny eny Besarety, Mascar, Andravoahangy, Manjakaray ka hatreny amin'ny Marais Masay. Nandritra izany dia nodiovina ny lakandrano, notapahana ireo lobolobo, nesorina ireo fako manentsina sy manakana ny fikorianan'ny rano. Tonga nijery ny fizotry ny asa teny antoerana ny Lefitra Voalohan'ny Ben'ny tanànan' Antananarivo, Olivier Randrianarisoa, ny delegen'ny Boriboritany faha-3 Hery Razafintsalama, ny delegen'ny Boriboritany faha-5 Rakoto Richard Emmanuel, nijery ifotony niaraka tamin'ireo tompon'andraikitra izay ho vahaolana amin'ny fiakaran'ny rano miainga avy eny Besarety ka hatreny Manjakaray II C. Araka ny nambaran'ny Lehiben'ny Boriboritany fahadimy Andriamatoa RAKOTO Emmanuel Richard dia tsy hifarana izao hetsika izao raha tsy madio tanteraka ny lakandrano miainga eny Manjakaray ka hatreny amin'ny Mascar hisorohana ny fiakaran'ny rano. Marivo dia marivo ny lakandrano ka mila halalinina mba hahafahan'ny rano mikoriana tsara mihazo an'i Marais Masay. Tetsy andaniny Andriamatoa RASOLONDRAINIBE Josias, tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Gestion des Risques et Catastrophes (GRC) dia manentana hatrany ny mponina mba tsy hanary fako any anaty tatatra sy ireny rano mandeha ireny hisorohana ny fiakaran'ny rano.

***Aly***

Fahasalamana

# Feno hipoka ny Hopitalin'ny ankizy Tsaralalana



*Ny Hopitalin'ny ankizy etsy Tsaralalana.*

Feno hipoka ny ao amin'ny Hopitalin'ny ankizy ao Tsaralalana amin'izao fotoana. Efa ampidirana marary hatramin' ny biraon'ny dokotera. Ny ankizy sasany tsy mahazo fandriana intsony fa eo amin'ny seza eo amin'ny triage no ampatoriana ambony bodofotsy ny zaza no sady tsaboina sy asiana sérum. Na izany aza, mahafapo ny fandraisana sy ny fitsaboan'ny dokotera sy ny ekipan'ny mpiandry raharaha omaly alina. Tsy misy tombo sy hala ny marary rehetra fa voazaha ara-dalàna daholo. Tsy misy kitakita sy avonavona tahakan'ny any amin'ny hopitalim-panjakana hafa. Tsy mila antsoina fa avy dia mivezivezy mijery matetika ny marary rehetra. Ankoatra izany, tadidin i Dokotera avokoa ny anaran'i reo zaza sy ankizy nandalo teo aminy tamin'izany hariva izany ary rehefa miverina mitsidika, ka miresaka aminao izy dia antsoiny hoe maman'ilay ankizy fantany anarana ianao. Ankoatra izany, ny toerana amin'ny ankapobeny dia madio sady voahaingo amin'ny kisarisary manaitra ny mason'ny ankizy. Azo lazaina ho Hopitalim-panjakana filamatra ny Hopitalin'ny ankizy etsy Tsaralalana hatreto.

***Ny Valosoa***

Zaridaina etsy Ankorondrano

# Miverina amin-dRafidison araka ny didim-pitsarana



*Ny famefena nataon'olon-tsotra ny zaridainan' Ankorondrano.*

Miverina amin'ny olon-tsotra Rafidison ny zaridaina etsy Ankorondrano manoloana ny Fiangonana Jesosy Mamonjy araka ny didim-pitsarana nivoaka farany. Tonga namefy izany zaridaina izany ry zareo nanomboka afak'omaly. Efa tanin'ity olon-tsotra ity io zaridaina eo Ankorondrano io tany aloha tany, nilain'ny fanjakana anefa ny tany nanaovana lalana sy zaridaina, ka dia lasan' ny fanjakana tao aorian'izay. Taty aoriana, niverina nangataka io taniny io Rafidison, ka araka ny didim-pitsarana nivoaka farany dia miverina aminy izany tany natao zaridaina izany. Arak'izany, tsy misy idiran'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) mihitsy ny momba ity zaridaina etsy Ankorondrano ity ny famefena azy izao, satria efa tanin'olontsotra tany aloha ary niverina aminy izao indray, araka ny fanazavana nomen'ny lehiben' ny sampan-draharaha misahana ny tanàn-dehibe sy ny fampandrosoana ao amin'ny CUA, Solohariyelo Hariniaina, teny an-toerana.

***Ny Valosoa***

TRABOINA TENY AMPAMARINANA

## Notolorana fitaovana ahafahana misitraka rano fisotro madio

Nitondra fanomezana fitaovana hanalàna fahasahiranana ny mponina tao Ampamarinana, izay voatery nesorina tamin'ny trano fonenany, ka napetraka vonjimaika ao Village Voara Andohatapenaka noho ny loza manambana tamin'izy ireo ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), sy ny groupe AXIAN: fikambanan'ireo orinasa maro ary ny Fondation TELMA, izay mpiaramiombon'antoka amin'



ny kaominina Antananarivo Renivohitra. Fitoeran-drano lehibe hasiana rano fisotro madio anankiroa no natolotry ny kamonina Antananarivo renivohitra tamin' izany. Ny groupe AXIAN kosa nanolotra toerampivoahana mba hanalàna fahasahiranana azy ireo. Tonga nanatitra ny fanomezana teny an-toerana ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna, Olivier Randrianarisoa sy ny mpiaramiasa aminy , ny BNGRC , ny Fondation TELMA ary ny AXIAN .

***Helisoa***

Fanomanana ny 08 martsa 2019

## Nitohy ny fametrahana ny fandaharam-potoana

Fivoariana faharoa amin' ny fanomanana ny fankalazana ny andron'ny vehivavy manerantany, ny 8 martsa, ho an'ny Faritra Vakinankaratra. Raha tsiahivana dia efa notapahin'ny rehetra fa isaky ny alarobia tokalakandro no hanaovana izany eto amin'ny efitrano malalaky ny Faritra. Nanombohana ny fotoana teto ny fanaovana ny tatitra ny fivoriana tamin'ny farany. Tao aorian'izay dia nitohy tamin'ny filazalazana ny mety ho fizotry ny asa aloha, mandritra, ary aorinan'ny hetsika fankalazana. Isan'ny navoitra tao ohatra ny fandaharam-potoana rehetra manomboka ny 7 martsa ary ny andron'ny fankalazana dia ny 8 martsa izany. Ho an'ny andron'ny faha 7 martsa dia hisy ny tranoheva, ny fizaham-pahasalamana mahakasika ny vehivavy manokana: nono sy vozon'ny tranon- jaza, ny tapany hariva kosa indray dia tohizana amin'ny famelabelarana arahina ady hevitra. Ny andron'ny fankalazana dia manomboka amin'ny 6 ora maraina dia efa hisy ny hazakazaka mi-ainga eto amin'ny biraon'ny faritra Vakinan- karatra, na ny " foulés des dames", arahin'ny "ZUMBA" , tohizana amin' ny fankalazana ofisialy izay hanasana ireo ma-nam-pahefana rehetra; aorian'izany, hisy ny fitokanana ny fiaraha-miasa an'ny vondrom-behivavy sy ny Caren amin'ny fanofanana ireo vehivavy sahirana. Hiavaka ny tohin'ny fandaharam-potoana satria hiara-hifampizara ny nofonkena mitam-pihavanana ireto vondrom-behivavy mpanomana ny hetsika ireto. Eo amin'ny tranoben'ny kolontsaina avokoa no hanatanterahana ny hetsika rehetra ao anatin'ny fankalazana izao andro manerantany ho an'ny ve- hivavy izao. Nitarika ny fivoriana ho fanomanana teto ny Talen'ny fandraharahana ankapobeny sy miadidy ny lafintany tao anivon'ny Faritra, teo ihany koa Ramatoa Raherison Lalanirina talem-paritry ny Mponina sy ny fiahiana aratsosialy , ary ny fampivoarana ny vehivavy teo aloha. Voatendry nandritra ny Filankevitry ny Minisitra ny alarobia teo ny solony ary izy kosa dia hiandraikitra ny fitantanana io departemanata io ihany fa any Itasy. Ramatoa RABARIJAONA Antsa narindra arak'izany no hiara-hanomana amin'ireto vondrom-behivavy ireto ny fanoma- nana ny hetsika 08 Martsa.

***Solohery***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao. Tsara ampahafantarina antsika ihany ireo fanambin'ny Filoha Andry Rajoelina tamin'ny propagandy, ahitantsika hoe : aiza no vitany hatreto, aza no gtsy vita fa fampanofisana fotsiny no nataony. Miandry ireto fampanantenana na DIDY 21 nataon'ny Filoha vaovao nandritra ny fampielezan-keviny ireto izany ny vahoaka Malagasy:

1/ Ho foanany ny Antenimieran-doholona ary hanamboarana Oniversite ny vola natokana ho an'ity andrim-panjakana ity.
2/ Ny Karaman'i Andry Rajoelina homena ny faritany 6.
3/ "TANAMASOANDRO": ilay tanàna vaovao izay hamindrany ireo biraom-panjakana manerana ny renivohitra ary miaraka amin'ny "Autoroute".
4/ Hasiana Parking ny EPP.
5/ Tamatave ho lasa ohatran'i Miami.
6/ "Buildings" mora manerana an'i Madagasikara: 27 logements isan'andro izany hoe tokony efa hisy Buildings izany manomboka ny fotoana hanaovana ny fianianany. Raha ny totaliny dia miisa 50 000 logements isan-taona.
7/ 4×4 Blindée sady mandeha any anaty rano no mandeha eny amin'ny tendrombohitra.
8/ Ny WC manara-penitra.
9/ Ny fambolena Coton de Tuléar.
10/ Ny Tramway.
11/ Ny omby hasiana PUCE.
12/ Ambatondrazaka ho lasa tahaka an'i Paris.
13/ Projet Ethanol.
14/ Fitaovana manara-penitra ho an'ny Miaramila.
15/ Angidim-by 10 hoentina miady amin'ny asan-dahalo.
16/ Tsena mora, vary mora.
17/ Piscine Olympique.
18/ "Drône" hanarahana ireo Dahalo.
19/ Tany 1 ha isan'olona.
20/ Palais des sports manerana ny faritany 6.
21/ Karama farany ambany 200 000 Ar.

Arakin'ny teniny izay hoe: " Izaho rehefa miteny dia tsy maintsy tanterahiko ". Miandry izany ny vahoaka Malagasy Andriamatoa Filoha vaovao. Rehefa tsy vita ireo izany dia tokony hanaja tena hametra-pialana izy afaka herintaona fara-fahatarany.

***Berthin Andrianarisoa***
***Lot III- G...... Andrefan'Ambohijanahary***

## SARIITATRA: Lasa vary miafina ilay vary mora




Boriboritany faha-5 (CUA)

## Nanadio ny tsenan'Analamahitsy ao anatin'ny vina 100 andro

Ho fanatanterahana ny vina 100 andro napetraky Ramatoa Ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao RAVALOMANANA. Ny boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra dia manohy hatrany ny asa fanadiovana. Teny amin'ny tsenan'Analamahitsy indray no niara- nientana nanadio ny ekipa teknika sy agent d'assainissement, ny sampana mpamonjy voina ary ireo solontenan'ny mpivarotra nanomboka omaly. Nandritra izany dia nofafana, nosokirina sy notondrahana rano ny tatatra teo antsena, notapahina ny bozaka sy lobolobo, ary norarahana fanafody mamono mikraoba avy eo ny toerana voadio. Tsy mijanona hatreo ny asa fanadiovana fa mbola hitohy hatrany hitandroana ny fahadiovan'ny tanàna.

***Aly***



*Ny fanadiovana teny amin'ny tsenan'Analamahitsy.*

Zava-kanto sy mozika

## Fampisehoana « Telopolo taona in-3 »

Samy feno 30 taona teo amin'ny sehatry ny kanto i Bodo, Rija ary i Toly mpanoratra. Bodo sy Rija mihira an'i Toly. Toly feno 30 taona teo amin'ny mahampanoratra sy famoronana. Izany indrindra no hikarakaran'izy ireo fampisehoana iray lehibe ny alahady 03 Martsa 2019 izao amin'ny 3 ora tolakandro eny amin'ny CCESCA Antanimena. Miaramiasa izy telo ireo eo amin'ny zava-kanto sy ny mozika. Toly mamorona tononkalo sy tononkira ary misy amin'izy ireny no nohirain'ireo mpanakanto samihafa fanta-daza toa an'i Bessa. Anisan'izany, ny hira "Ny fitiavantsika", izay amin'ny ahafantaran'ny maro azy hoe"Tsy kisendrasendra", ny "Mpanara-dia"; ny "Iny leitsy izy iny", hirain'i Peguy izay maro mpahalala; "Izaho sy ny tokantena", feon-kiran'i Tovo Andrianandrainy ary nasian'i Toly tonony, ary hirain'i Bodo sy Rija Ramanantoanina. Ho seho miavaka araka izany ity indray mitoraka ity ary hanana ny maha izy azy eo amin'ny tontolon'ny kanto. Ankoatra ny fampisehoana, dia hisy ihany koa kapila mangirana na CD hivoaka amin'io andro io. Raki-kira ahitana hira miisa 10 avy amin'ny tononkiran'i Toly avokoa. Ny hira fito amin'ireo dia hohirain'i Bodo sy Rija R. Ny telo sisa kosa dia hohirain'i Maharo, Peguy, ary ny Chorale Ambohitantely. Hahita ny tsara ny maso, haheno ny kanto ny sofina ary afaka hitondra mody ho mari-pahatsiarovana ny mpijery rehetra tonga hitahiry ny talentan'ireo mpanakanto ireo.

***Aris***



*Toly, mpanoratra sy mpamoron-kira.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**23/02/19 hatramin'ny 02/03/19**

- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite à partir station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32
- **MAHASOA** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 622 50
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 020 22 620 02
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 020 22 240 64/034 45 222 05

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 880-02-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

GROUPE AXIAN , FONDATION TELMA

# Nanome fanampiana ireo traboina may trano teny Anosibe Andrefana II

Tsy nijery fotsiny ny mpiray tanindraza-na tratry ny haintrano teny Anosibe Andrefana II, Boribori-tany faha-4, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny fikambanan'ny orinasa AXIAN miaraka amin'ny Fondation TELMA, izay mpiara-miombon'antoka amin'ny kaominina Antananarivo renivohitra (CUA), fa tonga teny an-toerana izy ireo nanatitra fanampiana ho an'ny tokantrano miisa 32 traboina omaly. Vary 25 kg , menaka 2 l, Farilac, voamaina 3 kg, siramamy, isaky ny tokantrano tsirairay avy ary fitoerandrano lehibe hasiana rano fisotro madio sy toeram-pivoahana no natolotry ny fikambananan'ireo orinasa mba hanalàna fahasahiranana ireo tsy manan-kialofana. Niaraka nanolotra ny fanomezana teny an-toerana niaraka tamin'ny FONDATION TELMA sy ny groupe AXIAN teny Anosibe Andrefana II, nisolotena ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, ny lefitra voalohany Olivier Randrianarisoa sy ny mpiara-miasa aminy ao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny avy amin'ny birao nasionaly mitantana ny fiantraikan'ny loza voajanahary (BNGRC), ny jeneraly Rabotoarison Charles sekretera mpanatanteraka lefitra. Ny filohan'ny fokontany sy ny solontenan'ireo traboina tao Anosibe Andrefana II dia nisaotra ny fikambanan'ny orinasa AXIAN sy ny Fondation TELMA tamin'ny fanomezana fanampiana azy ireo. Mangataka aminareo anefa izahay mba anome anay fitaovana hanaovana trano biriky satria tsy azo hanaovana trano hazo intsony ety aminay, mba hisorohana ny loza tsy hitranga intsony hoy izy ireo.

***Helisoa***

Kaominina Ivato

# Nanamboatra lalana misy lavadavaka nampitaraina ny mpamily

Naheno ny fitarainan'ny mpitondra fiarakodia, ny taxibe sy ny moto ary ireo antson'ny mpampiasa ny lalana feno lavadavaka teny Mamory, Fokontany Ivato K7, ny Ben'ny tanànan'Ivato, Penjy Randrianarisoa, ka nanapa-kevitra avy hatrany ny hanamboarana io ampahan-dalana mampijaly io.
Efa ela no potika io lalam-pirenena io kanefa tsy niandry ny ministera misahana ny asa vaventy ny kaominina Ivato ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo, fa nanarina ny simba, mba ho fiaraha-miasa sy ho tombontsoan'ny be sy ny maro.

***Ny Valosoa***




***Ny fanamboaran-dalana nataon'ny Kaominina Ivato teny Mamory.***

Fanilo Voizo Cbid

# Olona sembana 338 no nahazo tantsoroka ny taona 2018


Ny fanangananana ny drafi-pampandrosoana eny ifotony na ny PCDI "Plan communal de developpement Inclusif", no singa iray ahafahan'ny kaominina miroso bebe kokoa eo amin'ny fampiatiana. Ho fanatrarana izany tanjona izany dia misy ny tantsoroka ataon'ny Fiangonana Loterana Malagasy amin'ny alalan'ny tetikasa FANILO VOIZO CBID amin'ireo commune ireo. 16 no communes hiasana aty Vakinankaratra, voakasik'izany ny Distrika Antsirabe I, Antsirabe faharoa; ary Betafo. Kaominina iray ao anatin'ny Faritra Amoron'i Mania ihany koa nahazo tombony manokana ao anatin'izao tetikasa izao dia Ambohimanjaka. Nanatanteraka atrikasa ho fandresen-dahatra ireo tompon'andraikim-panjakana ny mpitantana ny FANILO VOIZO CBID ny andron'ny alarobia teo, tao amin'ny efitrano malalaky ny Prefecture Antsirabe . Tetikasa maharitra 2 taona ity FANILO VOIZO CBID ity, niantomboka ny taona 2018 ary tsy hifarana raha tsy ny taona 2020. Raha itodihana ny taona 2018 dia olona sembana 338 no nahazo tantsoroka sy fanamorana: 249 teo amin'ny sehatry ny fahasalamana, 57 tamin'ny asa fihariana, ary 32 teo amin'ny sehatra fanabeazana. Fikambanana 15 no voatsangana amin'ny sakaizan'ny olona sembana; kaomi- nina 02 no nahavita fotodrafitrasa ho an'ny olona manana fahasembanana "rampes", 35 ireo olona nahazo fanofanana momban'ny CBID, olona 19, Ben'ny Tanana sy teknisianina nahazo fiofanana momban'ny fanangananana ny PCDI. Arak'izany, mbola betsaka ny asa miandry ho amin'izao taona 2019 ary efa tafapetraka ny maridrefy hatramin'ny taona 2020. Noentanina teto ireo Ben'ny Tanàna hanafaingana ny fandrafetana ny PCDI, mba hahazoan'izy ireo tombontsoa betsaka tahaka ny mpamatsy vola. Nitarika ny fotoana teto ny Prefet an'Antsirabe , ny filohan'ny synodamparitany Avaratr'i Mania, ny avy ao amin'ny Faritra Vakinankaratra ; nahitana ny lehiben'ny Sampandraharaha ara-tsosialy , nanatrika ihany koa ireo Ben'ny Tanàna hiasan'ny tetikasa FANILO VOIZO CBID .

***Lezama***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 272**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0271)

***Mitsivalana***
- Sempotra
- Ora - OM
- Narary
- Afenina
- Tarika
- Salady (Miv)
- Ao - Aby

***Mitsangana***
- Sokatra
- Re (Miv) - Fa
- Manery
- Adina (Miv)
- Otrika
- Alana (Miv)
- Rora - AB
- Amy - Osy

### TENY MIFANAPAKA **N° 272**




**Mitsivalana**

**1.** Tsy tery **2.** Tsirin-teny Iharana - Hita amin'ny fiaramanidina **3.** Didy - Tsirin-teny Mpifanao **4.** Todika ivoho - Vimbino **5.** Tovona - Fisotro (Miv) **6.** Tanimboly (Miv) - Tsiron-tantely (Miv) **7.** Mpanoritra - Zava-maniry **8.** Mikoriana ao anaty - Omby (Miv) **9.** Miasa - Fia **10.** Mpandalina fivavahana

**Mitsangana**

**A.** Milalao rano **B.** Iray tampo - Praiminisitra (Miv) **D.** Milentina ambany - Aro moka **E.** Anaty rano - Faneva **F.** Mando - Kere (BR) **G.** Esotra - Naoty (Miv) **H.** Faranteny Roa sy efatra **I.** Ao amin'ny vata - Nanao fitsidihana **J.** Maina tsy misy rano - Mamarana ny teninay **K.** Tshy takatry ny vola - Mitambatra

### Valiny Teny mifanaraka 0271

***Mitsivalana***

1 Mpanera - Fo 2. Io - Matoa (Miv) 3. Geraziko 4. Ra (Miv) - Nanala 5. Karany - Oly 6. Ota - Dona (Miv) 7. RN - Basy 8. Malaina 9. Asa - Voa 10. Naoty - Tsia (Miv)

***Mitsangana***

A. Migaka - Man B. Peara -Lasa D. Ra(taka) - Lao E. Niianatra F. Zanany G. Rainy - No H. Aoka - Aba I. Tolona - Vy J. Fa - Sola (Miv) - Os(y) K. Ome - Tadidy (Miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny CUA sy ny Fondation TELMA ary ny AXIAN nanolotra fitaovana ho an'ireo traboina teny Ampamarinana tao amin'ny Village Voara Andohatapenaka.









Ny Fondation TELMA ary ny AXIAN nanolotra fitaovana ho an'ireo traboina teny Anosibe Andrefana II.







